Manandratra lehilahy iray.

Tsy manana faniriana mba "hanandratra" an'i Jesosy Kristy aho. Na manana faniriana mba "hanandratra" ny Rahalahy Branham. Ny antony dia mety ho toa hafahafa ny fahatakaran'ny olona ny dikan'ity andian-teny ity. Izany dia nalaina tao amin'ny Jaona 12:32, izay nilazan'i Jesosy hoe: "Ary Izaho, raha asandratra hiala amin'ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy." Fa ny teny dia tsy voadika araka ny tokony ho izy: "Ary izaho, raha asandratra, dia hitaona ny olona rehetra hanatona ahy." Ilay tapany "avy amin'ny tany" sisa tavela. Io tapany io dia hilazàna ny momba ny nahafatesan'i Jesosy, fa ny tena andininy manaraka, ny Jaona 12:33, hoe: "Izany no nolazainy hanambarany izay fomba ahafatesany." Ny andalan-teny dia manondro ny fihavian'ny hazo fijaliana. Koa noho izany tsy manana faniriana ny "hanandratra" i Jesosy Kristy aho ka "hanombo azy indray," araka ny voasoratra ao amin'ny Hebreo toko faha 6.

Ny mpanohitra ity hafatra ity matetika dia miampanga antsika amim-pahadisoana, ny amin'ny "nanandratra" an'i Rahalahy Branham. Averiko indray, dia tsy manana faniriana ny "hanandratra" ny Rahalahy Branham aho, fa maniry ny hanome voninahitra an'Andriamanitra ao aminy toy ny nankalazan'izy ireo an'Andriamanitra tao amin'i Paoly.

Rahalahy Branham dia nomena anarana tamin'ny zavatra rehetra avy amin'Andriamanitra ka hatrany amin'i Satana. Misy fironana anefa, ho an'ny olona mba hametraka ny "fanaovana ny olona ho Andriamanitra." Ny Silamo ohatra, nanambara an'i Mohammed ho mpaminany Arabo izay nonina tany amin'ny vanim-potoana 570 ka hatramin'ny 632 taorian'i Kristy, ho Mpamonjy azy ireo. Izany dia ny nitondrana lehilahy iray ka nanao azy ho Mesia. Ny Kristianina, amin'ny lafiny iray hafa, nanambara fa i Jesosy Kristy avy any Nazareta, nateraky ny virjiny i Maria, dia ny Tompo sy Mpamonjy, ny Mesia, ny Mpanavotra azy, ny Zanak'ondry sorona, ary natsangana avy amin'ny tany, satria ny hafa nino fa nanao ny Tenany ho Andriamanitra Izy. Ireo mpianatra dia voarara tsy hiantso Azy Jesosy, satria ny anarany aza midika hoe Jehovah, ilay Mpamonjy. Voarara izy ireo tsy hiantso Azy Imanoela, izay midika hoe "Andriamanitra amintsika." Marina tokoa fa, i Jesosy Kristy ao amin'ny Testamenta Vaovao dia i Jehovah Andriamanitry ny Testamenta Taloha. Fantatsika fa izay rehetra tao an'Andriamanitra, dia nampidina ho amin'i Kristy, sy izay rehetra tao amin'i Kristy, dia naidiny ho amin'ny fiangonana.

Noho izany dia mahita ohatra ao amin'ny Baiboly isika, izay ireo lehilahin'Andriamanitra dia noheverina tamim-pahadisoana mba hoe ilay Mesia. Ny voalohany dia, mazava ho azy fa i Jaona Mpanao-batisa, izay tonga tamin'ny fanahin'i Elia mba hialoha lalana an'i Jesosy Kristy, ny fahatanterahan'ny Malakia 3. Izy dia nohamarinin'i Kristy, izay nilazany fa izany no Elia izay ho avy ka hamerina ny fon 'ny ray ho amin'ny zanaka. Ny olona nanao azy ho Kristy, satria izy ireo niandry ny fisehoan'ny Tompo voalohany.

Paoly, vaky sambo, avy eo voakaikitry ny menarana misy poizina, dia toy ny devoly ny fijerin'ny olona azy. Nihevitra izy ireo fa ilay bibilava dia valifaty avy amin'Andriamanitra noho izy afa-nandositra ny sambo vaky. Jereo ny fomba niovan'ny toe-tsain'izy ireo, na izany aza, raha tsy nahafaty azy ny kaikitr 'ilay menarana. Dia niova hevitra izy ireo ka nanao hoe: andriamanitra io. Izy ireo koa dia "*nanome voninahitra be anay"* araka ny nolazain'i Paoly, dia tsy isalasalana fa naniry hanompo azy noho ny asa mahagaga nataony tao aminy.

Ao amin'ny Apokalypsy 19:10, Jaona dia mitantara, *"Dia niankohoka teo amin'ny (ilay anjely mpitondra hafatra) tongony aho mba hivavaka aminy. Ary hoy izy tamiko: Tandremo, aza manao izao; Izaho dia namanao mpanomponao sy rahalahinao izay mitana ny filazàna an'i Jesosy; Andriamanitra ihany no ivavaho; fa ny filazàna an'i Jesosy no fanahin'ny faminaniana."*

Paoly, nitory tany Lykaonia, nahita tampoka fa malemy ilay olona nanam-pinoana ny ho sitrana, ary dia "*nanao tamin'ny feo mahery hoe: Mijoroa amin'ny tongotrao. Dia nitsambikimbikina ralehilahy ka nandeha."* Rehefa nahita izany ny olona dia avy hatrany dia nanambara fa "*Ireo andriamanitra nidina atỳ amintsika mitovy amin'ny olombelona."* Dia efa saika hanao sorona izy ireo, nino an'i Barnabasy, izay niaraka Paoly, mba ho Jopitera, ary i Paoly mba ho Mecurius. Ny apostoly roa nandre izany, *"nandrovitra ny fitafiany ka nitsarapaka nankeo afovoan'ny olona sady niantso ka nanao hoe: Ry tompokolahy ô, ahoana no anaovanareo izany zavatra izany? Izahay koa dia Olona tahaka anareo, ary mitory aminareo mba hialanareo amin'izao zava-poana izao mba ho amin'ilay Andriamanitra velona."* Nahoana ireo olona mahantra voafitaka ireo no manao izany? Izany dia nohon'ny fahitany ny herin'Andriamanitra niseho tamin'izy roa lahy ireo, ka dia niezaka ny hanao azy ireo ho andriamanitra izy.

Ary hoy Jesosy ao amin'ny Jaona 10:34: "*Tsy voasoratra ao amin'ny lalànareo, Hoy izaho: Andriamanitra ianareo? Raha niantso azy ireo andriamanitra Izy, izay ny Tenin'Andriamanitra dia tonga tamin'izy ireo, ary ny Soratra Masina tsy azo foanana: lazainareo izy, ilay efa nohamasin'ny Ray ka nirahiny ho amin'izao tontolo izao, hoe: Miteny ratsy Hianao; satria hoy aho: Izaho no Zanak'Andriamanitra?"* i Jesosy niresaka momba ny fanambaràn'i Davida ao amin'ny Salamo 82:6, "*Hoy izaho: Andriamanitra ianareo; ary ianareo rehetra dia zanaky ny Avo Indrindra."* Ary Jesosy dia nampahatsiahy azy ireo fa ny Soratra Masina tsy azo foanana. Noho izany dia marina ny fanambaràna fa izay hahatongavan'ny Teny dia andriamanitra.

Rahalahy Branham dia nantsoin'ny sasany hoe Andriamanitra. Ao amin'ny hafatra "*Menarana Voatorotoro, na Iza moa i William Branham,"* dia nisarika ny sain'ny olona ny momban'izany finoan'ny sasany izany izy, ary mazava tsara tao am-pony ny tsy fankasitrahany. Hoy izy tao amin'ny rakipeo tamin'ny fomba nanatonan'ny lehilahy iray izay nanatona azy fony izy tany atsimo, nanao hoe: *"Mino aho fa Hianao no Zanak'Andriamanitra."* Ary koa, tany Kanada , nisy lehilahy nanolotra karatra azy nanao hoe: "*William Branham no Tompoko."* Nahita olona mihitsy aza izy tamin'io toerana io nanao batisa tamin'ny anaran'i William Marrion Branham. (Tadidio ny fomba, Hoy i Paoly: "*Misaotra an'Andriamanitra aho fa tsy nanao batisa tao aminareo afatsy Krispo sy Gaio, fandrao misy milaza fa nanao batisa ho amin'ny anarako aho.")* Ary i Jaona Mpanao Batisa, ilay mpialoha lalana ny fihavian'i Jesosy Kristy voalohany, dia nantsoin'ny sasany hoe Andriamanitra izy. Fa ny mampitovy ny zavatra toy izany, dia nilaina tamin'ny sasany koa ny hoe William Branham iraka mpialoha lalana ny Fiaviana Fanindroany, ny Mesia koa. Toy izany koa, araka ny maha iraka ny vanim-potoan'ny fiangonana fahafito azy, dia tsy maintsy nantsoina hoe Andriamanitra tahaka an'i Paoly izy, ilay iraka ny vanim-potoan'ny fiangonana voalohany.

Tao amin'ny toriteniny *"Menarana Voatorotoro"* Rahalahy Branham dia miresaka fahitàna momban'ilay bibilava izay nokapohiny ary naratra. Voasintona ny sainy tao anatin'ilay fahitàna, ary raha mbola saika hikapoka indray izy, dia lasa tany anaty rano ilay bibilava. (Rahalahy Branham dia nampianatra foana fa ny rano dia milaza olona.) Ny fandikàna ilay fahitàna dia ny finoana fa izy no ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Mesia, izay miha mahazo vahana teo amin'ny olona, na dia nokapohiny tamin'ny kapoka mafy aza io finoana io. Ary nilaza izy fa tsy misy tokony hidiran-tsika amin'izany. Nambarany fa anti-kristy izany satria manandratra azy eo amin'ny toeran'i Kristy izany. Hoy izy, tahaka

an'i Jaona Mpanao Batisa, *"Izaho tsy maintsy mihena, Izy tsy maintsy mitombo."* Nolazainy izany alohan'ny nahatongavan'ny Rehetra, hisy mpaminany ao amin'ny fanahin'i Elia. Tsy nandà izy fa izy izany, fa nampitandrina tamin'iray amin'ireto "Fanontaniana sy Valiny ireto." Raha asoloinareo an'i Jesosy Kristy aho ary milaza fa izaho ny *Jesosy Tompo, dia manao ahy ho anti-kristy ianareo.* Notohizany, *"Hifanatrika amin'Andriamanitra tahaka ny mpiverin-dalana aho alohan'ny hifanatrehako Aminy tahaka ny anti-kristy."* Fa nanao ohatra tsotra izy mba hanazavany izany rehefa nilaza izy, *"Raha ny fanahin'i Beethoven no ato anatiko, dia hamorona mozika tahaka an'i Beethoven aho, noho izany, raha milaza ianareo fa ato amiko Kristy,mivavaka aho mba ho zato isanjato ny fahamarinan'izany."*

Ao amin'ny pejy faha 328 ao amin'ny Boky 'Fampirantiana ny Vanim-potoanan'ny Fiangonana Fito' Rahalahy Branham milaza hoe: *"Te hanao fampitahana iray bebe kokoa aho ny maha samy hafa ny Iraka fahafito Messenger sy ny mpialoha lalana ny fiavian 'ny Tompo fanindroany, aryJaona Mpanao-batisa. Ilay iraka amin'ny ny Vanim-potoana Fiangonana Fito dia hanana hery sy fahefana avy amin'Andriamanitra ka hisy ireo izay hampifangaro amin'ny Mesia, toy ny nataony tamin'ny andron'i Jaona, rehefa tonga nanantona, ary nanontany raha toa ka izy no Mesia, ary izy namaly hoe tsy izy."* Fa nasain'i Rahalahy Branham hahatsiaro isika fa amin'ny andro farany dia hisy ny fanahy izay hamitaka ny sasany amin'ny mpino fa ny Iraka fahafito dia ny Mesia, nefa tsy hamitaka ny olom-boafidy , satria ny olom-boafidy tsy mety ho fitahana. Nilaza izy fa tsy izy no Jesosy Kristy Tompo, na ny Mesia, fa rahalahinao izy, mpanompon'ny Tompo, mpaminanin'Andriamanitra ary tsy mila toerana na voninahitra lehibe kokoa noho Jaona Mpanao-batisa izy. Ny zavatra mampalahelo, nohazavainy, fa ireo olona ireo tsy fahavalony, fa namana. Fahavalo afaka manadino, hoy izy, fa ireo olona tsara, rahalahiny, izay tia azy sy hanao ny zava-drehetra hiangavianay azy ireo - afa-tsy zavatra iray - ary izany dia rehefa nangataka azy ireo izy mba tsy hanoy izany finoana sy foto-pampianarana mandika vilana ny teny izany. Taorian'ny nitorin'i Rahalahy Branham *"Menarana Torotoro"* ireo olona ireo dia nankeo aminy ary niala tsiny, nanao hoe: tsy hiresaka momba izany intsony. Nefa tena mahavariana *fa mbola manao izany amin'izao izy ireo*.

Io finoana ny Rahalahy Branham hoe Andriamanitra io dia niha-nahery, nanenika fanahy izay nahatonga ny ankamaroan'ny fanoherana ity hafatra ity. Efa niaina ny fitaoman'io fanahy io aho ary efa naheno ny filazàn'ny hafa izay hotanteriko eto. Ny fianakaviana izay mino mafy ao amin'ny finoana fa i Rahalahy Branham Andriamanitra dia nandeha manerana ny faritra, ary nijanona tao amin'ny efitranon'ny Motel sasany teo amin'ny an-tanàna anankiray. Ny anaran'ity fianakaviana ity dia "X." Fianakaviana iray hafa, izay "Y" ny anarany tonga tao amin'ny tanàna ka nijanona, toy ny fifandrifian-javatra, tao amin'ilay Motel ihany sy ny efitrano. Ny fianakaviana Y nino ny fahamarinana, fa ny Rahalahy Branham dia mpaminanin'Andriamanitra. Nandritra ny alina nitoeran'ny fianakaviana Y tao an- efitra, dia nifoha imbetsaka mandritra ny alina ny Rahalahy Y sy ny vadiny tamin'ny zavatra tsy nitsahatra tonga tamin'izy ireo, toy ny fanambarana, izay nanao hoe: *"William Branham dia Andriamanitra."* Raiki-tahotra mafy izy ireo tao amin'ny fanahy momba izany ary niresaka izany tamin'ny tsirairay ny andro manaraka. Ka sahiran-tsaina izy ireo noho izany zava-nitranga izany ka nisy namana nampita ny tantara tamin'ny Rahalahy Branham nanontany azy izany zavatra izany. Ary ny Rahalahy Y sy ny fianakaviany dia tsy nahafantatra fa ny Rahalahy X sy ny fianakaviany, dia nijanona tao amin'ny Motel talohan-dry zareo. Rahalahy Branham, tamin'ny Fanahy, dia nanazava ilay zavatra hafahafa manjo azy ireo. *"Izao no zava-nitranga,"* hoy izy, *"ny Rahalahy sy ny fianakaviana X tao amin'ny efitry ny Motel ny alina voalohany, ary tao amin'izy ireo io Fanahy io. Io fanahy io dia mbola tao amin'ny efitrano ary izany no henon'ny Rahalahy Y sy ny vadiny."* Ho ahy, izany, dia manaporofo fa fanahy io.

Tahaka ny porofo fa ny finoana ny momban'Andriamanitra dia fanahy, dia mampahatsiahy ny

namangian'i Rahalahy Branham voalohany an'i Tucson Tabernacle aho, ny 21 Novambra 1965. Araka ny fangatahany tamiko ny andro mialoha teo amin'ny dimy minitra teo ho eo, Rahalahy Branham dia nilaza tamin'izay nanatrika fa nangataka ny tenako ho tonga tao Tucson izy, ary teo aorian'ny Tabernacle izy, dia nilaza fa io no fiangonany. Nambarany tamiko ny nanehoan'ny Tompo taminy ny trano alohan'ny nanofàna azy. Satria tsy maintsy nanao izany resaka kely izany izy, ireo olona nino azy ho Andriamanitra dia nanatrika teo, ary maro izy ireo. Dia nangataka taminy aho mba hitory ny maraina, tsy hay tohaina izy tamin'ny faniriany hanaovako ny fitoriana mba hitoriko teny ahafahako mandray ny toerana pasitora ao amin'ny fiangonana. Tiany aho mba ahaleo tena, fa ny fa ilaina ny fanampianay. Tamin'io maraina io, raha nitondra ny toriteny aho "Andriamanitra lehibe", ary nahita tao amin'ny Soratra Masina momba ny Teny hoe *"maranitra noho ny sabatra."* Tiany aho mba ahaleo tena, fa ny fanampiany dia ilaina . Tamin'izany maraina izany, araka izay nitondra ny toriteny: "*Endre izany halehiben'Andriamanitra"*, tao amin'ny Soratra Masina momba ny Teny hoe "*maranitra noho ny sabatra roa lela" sy ny mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo,"* Nisy zavatra niteny tamiko raha nitsangana teo amin'ny polpitra aho ka nanao hoe: "*ny mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo*, Rahalahy Branham manao izany - misy Andriamanitra." Intelo no naverina tamiko izany. Ary nanohitra ny nilaza izany aho.Taorian'ny fivoriana ny marainan'io, Rahalahy Branham dia tonga teo amin'ny faritra iray eo amin'ny polipotra ary nankasitraka ahy tamin'izany hafatra izany. Rahalahy Roy Roberson dia tonga teo naneho fankasitrahana tamin'ny nanamasinana ahy ary nitsangana ho vavolombelona niaraka tamiko rehefa niteny izao tamiko Rahalahy Branham, "*Rahalahy Pearry,"* hoy izy (avy eo amin'ny polipotra), *"adidinao ve fa ao amin'ny Salamo 22 tamin'ny Davida nitaraina tamin'Andriamanitra 'Andriamanitra o, Andriamanitra o, nahoana no mandao ahy ianao?' Iza izany?"*

"Kristy teo amin'ny hazo fijaliana izany," Hoy ny navaliko tsy nisalasala. Avy eo vao tsapako. *"Rahalahy Branham"* hoy aho, *"Mahalala zavatra ao amin'ny fanahiko ianao!"*

"In-telo," izy no namaly.

"Rahalahy Branham", hoy aho, *"Davida dia fitaovana - ianao koa fitaovan'Andriamanitra."*

"Rahalahy Pearry. Tsy maintsy milaza zavatra amin'ny mpisolo anarana voalohanay aho, Izy izany.

Dia hoy ihany aho, "Rahalahy Branham, mpaminany ianao, fitaovan'Andriamanitra ianao.

Ny farany navaliny tamin'izany dia azo inoana fa ny toerana nijanonany, hanoratra izany eto aho mba tsy hisian'ny fahadison-kevitra. Tsy nisy fisalasalana ny feony rehefa nilaza izy hoe: *"Rahalahy Green, aza hadinonao fa Kentuckiana aho!"*

Satria mino aho fa mpaminanin'Andriamanitra no nilaza ireo teny ireo tamiko, dia tsy nanadino izany aho. Izaho dia mino fa mpaminany io ary Andriamanitra nonina tao aminy, mitsidika ity taranaka ity, ny feon'Andriamanitra ho amin'ity taranaka ity, i Jesosy Kristy tsy miova amin'izao fotoana izao mampiseho ny Zanak'Olona araka izay efa naseho teo amin'ny fanompoan'i Jesosy, araka izay efa nambara tao amin'ny tranolain'i Abrahama, ny zava-miafina tao ampon'i Saraha ary nitodihany lamosina.

Fa Nanomboka nieritreritra momba ny antony nilazan'i Rahalahy Branham tamiko ny hahatsiaro fa izy dia Kentuckian. Sanganehana aho ny amin'ny mahakasika ny teboka tsirairay amin'izany araka ny nambara tamiko. Dia nihaino azy nitory toriteny toy ny hoe "*Ny Fampakarana,"* izay niresahany momba ny fiteny aho. Ny saiko dia maranitra. Nisy zavatra momba ny fiteny izay tokony ho tsikaritra

ve? Nanamarika ireo izay nino azy mba ho Andriamanitra aho nandika vilana ny teniny mba hanaporofoany ny heviny. Ohatra, rehefa mahay manavaka ny zava-miafina ao am-po amin'ny filaharana fitondrana am-bavaka, dia mivavaka izy ary ny olona avy hatrany dia sitrana, avy eo izy fa mitodika any amin'ny fiangonana ka manao hoe: *"Ankehitriny, fantatrareo fa tsy misy olona afaka manao izany, afa-tsy Andriamanitra."* Tamin'izany ireo diso fihevitra kosa dia nangilan-tsofina, ary manambara fa raha Andriamanitra ihany no afaka manao izany ary Rahalahy Branham efa nanao izany, noho izany dia nanao azy ho Andriamanitra. Rahalahy Branham nanana ny nambarany teo anatrehan'izany; hoy izy, izany dia *"fandikàna ara-nofo ny fanambaràna ara-panahy.* Hitako mazava tsara izay tiany nolazaina. Ho ahy hoy fotsiny izy hoe: *"Tsy nanao izany aho. Andriamanitra no nanao izany."*

Ao amin'ny hafatra toy ny hoe "*Andriamanitra tsy misarom-boaly eo anoloantsika,"* izay nilazany fa ao amin'i Jesosy, Andriamanitra nitoetra tao amin'ny olona, ary nanomboka tamin'ny Pentekosta, nitoetra tao ny olona Izy. Nampiasa ny teny hoe "olona" izy fa tsy ny hoe "ireo olona". Taty aoriana aho, dia nahazo zavatra tsy haiko ny nanazava azy, rehefa nilaza izy fa satria Andriamanitra hatramin'ny Pantekosta dia nonina tao amin'ny mpitondra fanavaozana (reformers). Ary rehefa nandre ny hafatra *'Miaraka amin'i Jesosy,'* nentiny ho an'ny rahalahiny ao amin'ny fiangonana, dia nanao fanambarana toy izao izy, *"Ankehitriny, izao hariva izao, isika dia lehilahy vitsivitsy."* Izany dia nitondra zavatra ho fahatsiarovana ho ahy dia ilay fotoana nahateo anay telo mirahalahy niara- mijoro teo sy Rahalahy Branham niantso anay, "*Ianareo lehilahy miaraha amiko!"* Nanontany tena aho ny amin'izany. Nilaza ve izy ka nanao hoe *"ry olombelona, avia hiaraka amiko."*, Sa ve izy niteny ny iray ihany? Kanefa, fantatro fa niresaka taminay telo izy. Rehefa nanomboka nanadihady io hevitra io aho, mitady fanazavana ao amin'ny horonam-peo, tamin'ny farany tonga saina aho fa ny Rahalahy Branham dia tsy nampiasa ny teny hoe "olona." Hoy foana izy hoe: "lehilahy" Tamin 'ny faran'ny toriteniny *"Voahosotra amin'ny farany fotoana,"* miresaka ny roa lahy, ny nanoheran'i Jana sy Jambra, dia mazava ny nanondroany azy ireo ho toy ny lehilahy, fa tsy olona.
Na dia nanamafy ilay hevitra fa tsy lehilahy iray izany, fa roa lahy, dia mbola nampiasa ny teny tokana izy (singulier). Azoko ny tena fototr'ilay toe-javatra rehefa nahatsikaritra fa efa diso ny nadraisan'izy ireo ny anaran'ilay toriteny hoe "Andriamanitra nantsoina hoe lehilahy. (A God called man)" Ao amin'ny ity hafatra ity, dia tena nanazava tsara izy fa ny lohateny dia hoe "Andriamanitra niantso lehilahy." Ny zana-tsoratra "A" no nanampy ilay lohateny. Ankehitriny, raha nandre azy nanao hoe "lehilahy iray" dia mihevitra aho fa niresaka momba ny lehilahy iray izy, izay indrindra no nahatonga ireo izay nino fa izy no Andriamanitra te hihaino - Andriamanitra (izay nantsoin'ny olona hoe lehilahy iray). Ao amin'ny hafatra niresahany momba an'i Davida, Josefa, Mosesy, i Jaona, i Paoly, i Petera, dia miresaka momba ny lehilahy izy. Ary dia mazava fa ampiasainy ny filazana teny tokana mba hilazana zavatra maro. Izy dia miresaka ny olona izay nantsoin'Andriamanitra. Ary tsy fandikàna ny hevitry ny Teny izany, fa hialana ny tsy fahalalana ny Teny. (Petera hoe: *"Misy zavatra maro momban' ny zavatra nosoratan'i Paoly rahalahy malalantsika, izay sarotra ny mahatakatra izany ary misy ireo izay tsy mahalala no mamily izany tahaka ny anaovany ny Soratra Masina hafa ka hahatonga azy ireo ho amin'ny fanamelohana.")*

Mba handraisana ny hafatry ny Rahalahy Branham, ary mbola hanohy ny hanao azy ho Jesosy Kristy, rehefa nampitandrina fa izany no antikristy, mahatonga ny ran'i Jesosy Kristy ho zavatra tsy masina. Izy io dia toe-tsaina izay fahita eo amin'ny sasany izay manaraka ny Rahalahy Branham. Fa tsy maintsy nisy izany, ka teo ireo ny karazana ireo. Tadidiko foana ny nilazany tamiko ny *"handanja ao amin'ny Soratra Masina."* Vokatr'izany, dia tsapako fa izaho no tompon'andraikitra amin'ny fanindriana ny fifandanjana eo amin'ny Hafatra. Misy mahatsara sy maharatsy ny fahenona ary avy eo dia hitondra ilay fahamarinana ho eo afovoany. Raha tsy izany, tsy tsara noho ny Vondrona Iray (Oneness) ohatra, izay nandeha namafy ny amin'ny batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy; na, tahaka ny nataon'ny

Fiangonan'i Kristy tamin'ny fandaminana, na ny Batista miaraka amin'ny fiarovana mandrakizay; na ny Metodista amin'ny fomba fanamasinana Episkopaly. Tahaka izany ihany ny amin'ny ambaratonga-piangonana. Azo atao ara-panjakana, taratasy fontsiny, dia afaka mahazo ny Fanahy. Fa raha miteny izao ny taratasy, ny *"Fanahy no mampitombo" noho izany* ny fahamarinana dia mitoetra eo afovoany.

Nanomboka nahatsikaritra aho fa ny sasany amin'ireo olona izany finoana mamadika teny momba ny Rahalahy Branham izany dia mampihatra ilay Soratra Masina nilazan'i Jesosy hoe: *"Tsy misy mahalala afa -tsy Ilay nidina avy tany amin'ny Ray,"* ho an'ny Rahalahy Branham manokana. Mety hilaza izy ireo: *"Impiry no nandrenesanareo an'i Rahalahy Branham nilaza hoe: Ho avy hitory aminareo aho izao maraina izao' ?"* Ny tsotra indrindra dia dia hoe Rahalahy Branham nonina teo amin'ny havoanan'i Utica Pike, ary ho ahy dia mazava ny nilazany fa nidina avy niakatra teo amin'ny tranon'ny pasitora izy, midina ho any amin'ny fiangonana mba hitory tamin'izy ireo. Fa satria izy ireo dia tsy nahay nandanja, tsy maintsy maka zavatra iray izy ireo, ary iray hafa mba hanaporofoana ny zavatra voalohany, nahatratra sy mitsapatsapa ny tontolon'ny zavatra tsy azo hazavaina mba hanaporofoana an'izany. Farany, ny fahambanin'ny sain'izy ireo farany dia nampifandraisin'izy ireo tamin'i William Branham ny nahaterahan'ny virijiny tany am-piandohana. Fantatro izany satria niezaka nandresy lahatra ahy manokana izy ireo, tamin'izany fampianaran-diso izany. Tamin'ny fahaveloman'i Bebe Branham, ny sasany amin'ireo olona ireo nandeha niakatra ho any aminy tao amin'ny fivarotana indray andro ka nanao hoe "Maria." Azoko sary an-tsaina izy izao, ilay vehivavy kely mainty loha kely, ny volony miangona ao ambadiky ny lohany, ny masony mamirapiratra, ary ny sofiny mangorintsina amin'ny fihetseham-po , nilaza tamin'izy ireo fa tsy ampisalasalana fa tsy virjiny izy , ary Charles Branham no rain'ny zanany lahimatoa, William. Ny andro voalohany nanatonako izany fotopampianarana ny virjiny teraka izany, dia nanozongozona ny lohako aho amin'ny tsy finoanan'ny olona izay nilaza fa tia azy, dia hahatonga ny fampianaran-diso toy izany. Nolazaiko azy ireo fa tena tsy mahita izany ao amin'ny Soratra Masina aho. Namaly tamin'ny fanontaniana izy ireo raha marina fa Rahalahy Branham dia nampianatra fa ny Soratra Masina rehetra dia manana hevitra mifangaro. Nanontany azy ireo aho raha niresaka momba ny faminanian'i Isaia momba ny virjiny ho torontoronina midika ho Rahalahy Branham tahaka an'i Jesosy Kristy. Namaly izy ireo fa izany mihintsy. Nisarika ny sain'izy ireo aho tamin'ny ny zava-misy nanitsian' i Jesosy an'i Maria rehefa nilaza izy hoe: *"Tsy maintsy ho eto an-tranon'ny Raiko aho."* Nanontany azy ireo aho hoe nahoana i Rahalahy Branham no niantso an'i Charles Branham hoe rainy ary nampiseho ny ohatra tena araky ny ety an-tany, dia ny fanirin'ny rainy hiala amin'ny fihinana paraky isaky ny Vaovao ny Taona.

Nolazaiko azy ireo nandrenesako ny, Rahalahy Branham manondro ny tenany ho toy ny tsilo sy ny mpanota voavonjy noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Ary io rahalahy izay vao niteny tamiko namoaka ny hevitra mafana tao aminy ka nanao hoe: *"Fa moa tsy nandre azy va ianao nilaza fa tsy maintsy ho amin'ny raharahan'ny Rainy izy?"* Raha izany dia natao mba handresy lahatra ahy, dia tsy nahomby, fa hoy izaho: *"Eny tompoko. Kanefa izy nilaza tamiko koa ny mba hitoerako eo amin'ny raharahan'ny Raiko, ary fantatro fa PO Green no dadako!,"* Notohizako ihany, *"Indro tompoko, ny hany antony nahaterahan'i Jesosy Kristy tamin'ny virjiny dia ny hialàna ny taranaka menarana, dia ny mba hahafahany ho sorona tonga lafatra ho faty noho ny fahotan'ny olombelona. Rahalahy Branham nilaza fa i Jesosy dia maty noho ny fahotan'i Mosesy. Nilaza koa izy fa i Jesosy Kristy dia maty nohon' ny fahotany (Rahalahy Branham)."*

Naneho azy ireo tamin'ny lojika tsy mety diso fa raha Rahalahy Branham maintsy nateraka virjiny mba hahafahany ho tsy nanana ota ka mety ho faty koa izy noho ny fahotantsika, dia zava-poana ny nanantonana an'i Jesosy Kristy teo Kalvary. Io avy eo dia tsy inona fa manao ny ràn'i Jesosy Kristy ho tsy masina, tsy inona fa fotom-pampianaran'ny antikristy. Rahalahy Branham nilaza hoe aza mandeha amin'ny zavatra toy izany, satria mba hananao fanazavana ny amin'izany dia, tsy maintsy mivoaka

amin'ny Soratra Masina. Inona no atao hoe antikristy? Izany dia manohatra teny. (manohitra ny teny).

"Jereo tompoko," hoy aho*, "aoka ho adinointsika fotsiny ny raharaha mahakasika ny nahaterahany satria fantatro fa resy lahatra amin'izany ianareo, fa tsy fantatrareo va fa nanana zanaka izy? Tsy fantatrareo ve ny hevitr'izany?"*

Dia nahita lalan-kivoahana ny namaliana izany izy, nanao hoe: *"Fa mety efa niteny azy ireo mba hisy izy."*

"Tompoko," hoy aho, *"mety mandresy lahatra ny tenanao izany, ary mba handresena lahatra ny hafa koa, fa misy olona iray eto amin'ity tontolo iiy izay tsy azonao resena lahatra na ovina na ovina dia ny vadiny, Ranabavy Branham."* Tsy nisy namaliany an'izany ary dia lasa nandeha aho.

Ny antony namoahako izany dia tsotra fotsiny, satria tiako ho fantatry ny olona fa tsy niala tamin'ireo olana ireo aho. Tsy nandà fa misy ny olona mino zavatra toy izany momba ny Rahalahy Branham. Fa tiako ho fantatrareo, ary tiako izany mba hijoro ho toy ny firaketana an-tsoratra, dia mino amin'ny foko manontolo aho fa Rahalahy Branham dia tsy miombon-kevitra amin'izany.

Ary rehefa nangataka ahy ho any Tucson izy, dia hoy izy: *"Rahalahy Green, ireo olona ireo diso, fa olona tsara izy ireny. Ny antony nahadiso azy ireo dia ny fananana hevitra ara -nofo ho fanambarana ara -panahy, satria izy ireo tsy nanana pasitera."* Nanohitra aho, nanao hoe izy ny pasiteranareo. Namaly mivantana izy mahakasika izany, *"Izaho tsy pasitera - mpaminany aho. Aho tokony ho any amin'ireo tendrombohitra ireo aho, ary hiaino an'Andriamanitra sy handeha miaraka amin'ny 'Izao no lazain' ny Tompo', ka mandehana miverina."*

Dia nahazo fahalalana bebe kokoa aho tao amin'ilay olana raha nanohy mba hilaza momba ny fifandraisany amin'ny olona ireo izy. Nolazainy ny fomba nanahan'izy ireo akaiky dia akaiky azy ary tsy afaka nanajanona fiara mihintsy izy, ka hiakatra mba ho vangian'Andriamanitra tsy misy an'izy ireo anaty fiara miandry ny fidinany, vonona mba hanontany azy ny zava-nitranga. *"Izaho tahaka ny tenako ihany"* hoy izy, *"Nararako tamin'ny tany foana izany. Tsy tokony nanao izaany aho."* (Izany no mahatonga ahy hitomany ankehitriny rehefa mieritreritra izany, dia toy ny nataoko tamin ny andro voalohany nilazany tamiko.)

Fa ireo izay tsy mino fa ny Rahalahy Branham dia mpaminanin'Andriamanitra dia tsy tonga saina hoe inona ny fankasitrahana ho an'ny hafa niantso Azy i Jesosy Kristy. Ny lehilahy iray milaza izany toy izao, *"Ny ankamaroan'ny mpitory nitory an'i Jesosy ho Kristy, nefa William Branham niaina an'i Jesoa Kristy."* Enga anie mba ho velona toy izany ny fiainana izany aho ary ho sarotra amin'ny olona ny fanavahana ny Pearry Green sy i Jesosy Kristy. Ary raha mba tsy hitan'ny olona aho fa Izy no hita.

Tsia, ny olona sasany tsy afaka hilaza ny fahasamihafana. Rehefa mandre olona iray milaza fa izy no Jesosy Kristy, dia manamafy fotsiny ny fanajana ny Rahalahy Branham izany; Fa lehilahin' lehilahin'Andriamanitra tokoa izy ka ny olona sasany tsy afaka nilaza ny fahasamihafana. Fa ho an'ireo izay te hampiasa izany hanoherana ny hafatry ny Rahalahy Branham, ka milaza fa tsy marina izany, dia manondro azy ireo ny Eksodosy 4:11 aho, izay namalian'Andriamanitra ny fanoheran'i Mosesy; fa Mosesy dia tsy afaka ny hanao izay nasain'Andriamanitra ataony, tamin'ny ny teny hoe: *"Iza moa no nanao ny vavan'ny olona? na na iza manao ny moana, na mampaharenina, na mampahiratra, na ny jamba? Tsy Izaho Jehovah?"* Izany no Andriamanitra nilaza an'i Mosesy ka nataony tahak'izany izy. Toy izany koa Izaho dia mino fa Andriamanitra nanao ny Rahalahy Branham tahak'izany - tahaka ny amin'ny olona izay mendrika ny zavatra rehetra. Satria Andriamanitra no nanao azy.

Ny tenin'i Andriamanitra tamin'i Mosesy ny amin'ny asa fanompoanan'i Mosesy sy ny rahalahiny Arona dia voarakitra ao amin'ny Eksodosy 4:15-16: “Ary ianao dia hiteny aminy (Arona), dia nanisy teny teo am-bavany; ary Izaho homba ny vavanao, sy ny vavany ka hanoro anareo izay hataonareo. Ary Izy no ho mpitondrateninao amin'ny vahoaka; ary izy aminao dia ho toy ny vava, ary ianao aminy dia ho toy ny Andriamanitra.” Arona, hitanao, tsy manana hafatra. Izany dia ny Tenin'tonga tamin'i Mosesy izay nilaza tamin'i Arona ary nivoaka ka nambara tamin'ny olona. Arona dia tsy mpaminan'Andriamanitra, *mpaminanin'i Mosesy.* Mosesy dia ny mpaminany, ny mpitondratenin'ny 'Andriamanitra. Izany no mahatonga ahy hilaza izany manerana izao tontolo izao fa tsy manana ny hafatra aho. Mijoro vavolombelona ihany aho hanambara ny zavatra hitako sy reko teo amin'ny fiainan'ilay mpitondra tenin'Andriamanitra, Rahalahy Branham.

Rahalahy Branham nampianatra fa ny batisa Kristianina dia amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo, Ilay maty noho ny fahotako, dia ny anao, ary ny an'ny Rahalahy Branham. Fa Rahalahy Branham dia lehilahy nirahin'Andriamanitra, lehilahy izay nonina tao aminy Andriamanitra, ny *“lehilahy masina eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina”*, izay nilaza ny tenin'Andriamanitra ho amin'ity taranaka ity. Tahaka an'i Jaona Mpanao-Batisa izay mihoatra noho ny mpaminany, toy izany ny Rahalahy Branham mihoatra lavitra noho ny mpaminany.

Izy ilay iraky ny Taaom-piangonana Fahafito, ny kintana eny an-tanan'i Jesosy Kristy. Izy dia iray amin'ireo *"maso fito"* ao amin'ny Apokalypsy izay mivoaka mba hanambara an'i Jesosy Kristy ilay Zanakondrin'Andriamanitra, izay voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao, ary izy koa ilay Anjelin'ny Fanekena izay nataon'Andriamanitra tamin'ny Vahoakany: *“Raha handeha, aho, dia mbola ho avy indray, toy izany koa. Ataovy vonona ny hitsena ny Tompo ny tenanao.”* Izy ihany koa dia iray *“izay ny Tenin'Andriamanitra tonga taminy,”* araka ny Jaona 10:34, dia tsy diso ny hilazana azy toy ny mpaminany fahiny, izany hoe *“andriamanitra,”* satria ny Soratra Masina tsy azo foanana.

Tamin'i i Jesosy Kristy nandeha teo anivon'ny vahoaka tany Galilia, dia nanao famantarana maro, sy fahagagana, ary niteny ny Fotom-pampianarany, ny Hafatry ny fitsanganana amin'ny maty, ny Lalana, ny Fiainana, ny Fahamarinana, nitondra fanantenana, ny zava-misy, sy ny fiainana ny ny olona. Tamim-patahorana, dia nitory izy ireo fa *“Andriamanitra efa nitsinjo ity taranaka ity teo amin'ny fiainan'ny mpaminany.”* Noho izany dia afaka milaza amin'izao fotoana izao fa Andriamanitra efa nitsinjo ity taranaka ity tamin'ny nanirahany ny mpaminany mahery - William Marrion Branham.

http://www.believersnewsletter.org

Believers Newsletter

Translation.info.bnl.ministries@gmail.com